# Ilay Voa Tsara Nafafy 29 Desambra 2018

**29** **Asabotsy**
desambra

**Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.** Jaona 3. 16

**Sary akelezina mamintina ny Filazantsara**

Izany no nilazan'i Martin Lotera io andinin-tSoratra Masina io (Jaona 3. 16). Voafintina ao anatiny, amin'ny teny vitsivitsy, mantsy, ny famelabelarana momba izay nataon' Andriamanitra, miaraka amin'ny antony sy ny tanjon'ny nanaovany izany. Lehibe avokoa ny voalazan'io fehezanteny io, satria samy manambara an'Andriamanitra : Andriamanitra lehibe feno fitiavana, Izay *tia* ny olona rehetra noarìny ; fanomezana lehibe : *ny Zanany* ; antso lehibe : *izay rehetra* ; fanafahana lehibe : *tsy ho very* ; lova lehibe : *fiainana mandrakizay*.

Velona ny Tenin'Andriamanitra, ary miasa. Io fehezanteny tokana io no fomba nahazoan'olona marobe famonjena. Fanambarana tena marina tokoa, ho an'olona maro, ny teny hoe „izay rehetra" : ny hoe izay rehetra dia izaho, ianao, tsy misy ailika ; tsy misy mpanota hoe meloka loatra ka tsy afaka ho voavonjy : izany no tena fahasoavan'Andriamanitra. Samy afaka mandray izany ny olona tsirairay, ka samy afaka miteny hoe : „Ny Zanak'Andriamanitra ... efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy" (Galatiana 2. 20). Mbola ho nilaina ihany izany asam-panavotana izany, na dia izaho irery aza no olona tokony novonjena.

Tsy manohina ny fontsika ve ny fahatsapana izany ? Afaka miteny isika tsirairay hoe : Ho ahy no nijalian'i Jesosy ; ho ahy no nahafatesany ; ho ahy no nitsanganany tamin'ny maty. Noho ny fitiavan'Andriamanitra, fitiavana tsy misy fetra, sy mba ho fifaliana ho Azy manokana, dia tiany ho sambatra mandrakizay isika. Mba hahatratrarany izany tanjona mahatalanjona izany, dia nekeny ny hampihatra amin'Ilay Zanany malalany ny famaizana sahaza antsika. Ankehitriny, na iza na iza mino Azy, dia voavela heloka, voadio : afaka mijoro eo anatrehany mihitsy, ary izany dia ho mandrakizay.